Miditra taona faha-3 nitondrana firenena 2

Miha-maizin-kitroka ny lalan-kizoran'ny firenena sy Rajoelina

NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 14 janoary 2021 Laharana 1114 Vidiny : 400 Ar

Fanomezana taombaovao 4 5

Kalendrie 2021

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Tsy fanarahana fepetra ara-pahasalamana 6

Henjana ny sazy nihosona ireo tsy nanao aro vava

Raharaha volamena 73,5 kg 2

Miaro mpangalatra ny fitondrana hoy ny Miara-manonja

Antenimierandoholona 3

Maika tsy faingana ireo Loholona vaovao...

FJKM, 17 janoary 2021 6

Tsy misy fiovana ny fandaminana eny amin'ny Coliseum

Trangam-piarahamonina 6

Lahy antitra 60 taona nametaveta zazavavikely 6 taona

Mpiasan'ny Kraomita 7

Hitory ny tale jeneralin'ny KRAOMA sy mitaky ny fialany

Daka kely

Tsy mety amin'ialahy intsony ilay isa 13 ry Boaikely, ny 73 dia 60 miampy 13 a !

RAHARAHA VOLAMENA 73,5 KG

Miaro mpangalatra ny fitondrana hoy ny “Miara-manonja”

Mitohy hatrany isan’andro manomboka amin’ny 9h30, ka hatramin’ny 11h30 amin’ny onjampeo miisa 4 ny fandaharana « Miara-manonja » dia amin’ny onjampeo MBS 95.4 Mhz ; Radio Mada 100.8 Mhz ; AZ Radio 101.8 Mhz, ary ny Soa Radio 96.8 Mhz. Manomboka mivoaka avokoa ao anatin’izany ireo zavatra tsy mety ataon’ny fitondrana Rajoelina eto amin’ny firenena. Nambaran’ireo mpanentana nandritra izany, fa ny rehetra koa dia afaka hitondra ny vaovao hitany any rehetra any, tsy eto an-drenivohitra ihany, fa avy amin’ny faritra manerana ny Nosy mihitsy. Tsy hijanona ho fandaharana amin’ny onjampeo fotsiny ny « Miara-manonja », hoy ny depiote Me Hanitra Razafimanantsoa, fa hisy ny zavatra tsy maintsy hatao avy eo amin’ny zavatra tsy mety rehetra eto amin’ny firenena ary misy sy hisy porofo avokoa izy ireny. Ny vahoaka hoy izy no tompon’ny fahefana, ka ho afaka haneho hevitra amin’ity fandaharana ity avokoa ny sokajin’olona rehetra tsy misy hanavahana. Mahakasika ny resaka raharaha volamena tratra tatsy Afrika Atsimo, toa miaro mpangalatra ny fitondrana eto Madagasikara hoy ity olomboafidy mpisolovava ity. Any amin’ny firenena toa ny atsy amin’ny firenen’i Mandela hoy izy, na tsy manana mpiaro aza ireo voarohirohy amin’ny raharaha any an-toerana, tsy maintsy omen’ny fitsarana any mpisolovava izy ireo. Noho izany, tsy misy tokony nandefasan’ny mpitondra teto amintsika ireo olona nalefa tany, volam-bahoaka very maina fotsiny ny nandefasana azy ireo tany, satria tonga dia nomen’ny Afrikana Tatsimo mpiaro izy 3 mirahalahy voasambotra. Raha ho fanindriana, na fikasana hividy mpitsara ihany koa no nandehanana tany hoy Me Hanitra, tsy ho azo tanterahana mihitsy izany satria manana ny maha-izy azy ny mpitsara any amin’ity firenena ity, ka tsy ho tratra ny resaka fanangolena amin’ny resaka kolikoly mihitsy. Arak’izany, henatra ho an’ny mpitondra ny nandefasana iraka tany Johannesburg iny. Ambonin’izany, tsy tanteraka ihany koa ny nampanantenain’izy ireo fa tsy maintsy ho tafaverina talohan’ny 12 janoary teto Madagasikara ireo telolahy voasambotra. Fahafaham-baraka tsy misy toy izany,…

Isambilo

Ho raisim-potsiny ireo trondro Fibata

Nidofotra ireo ira-panjakana tany Afrika Atsimo

Afak’omaly talata 12 Janoary 2021 no voatondro hanaovana ny fitsarana ireo telolahy Malagasy, izay natao fitaovana nitondra ny volamena milanja 73 kg mahery , ny heloka nanenjehana azy telolahy ireo dia fampidirana entana antsokosoko sy fanondranana tsy ara-dalàna ary famotsiambola.

Nanapakevitra ny fitsarana tany Afrika Atsimo, fa ahemotra amin’ny alatsinainy 01 Febroary 2021 indray ny fitsarana azy telolahy tratra, tany amin’ny seranampiaramanidina Oliver Tambo tao Johannesburg.

Mazava ny fanapahan-kevitra noraisin’ny fitsarana tany Afrika Atsimo, fanemorana no natao fa tsy fanekena ny “extradition”na fampodiana ireo teratany malagasy ho tsaraina aty Madagasikara, satria tsy misy ny fifanarahana arapitsarana eo amin’i Madagasikara sy Afrika Atsimo, fa dia ho tsaraina arak’izay lalàna misy any an-toerana izay tratra tany.

Vola very maina izany ny fandaniana nandefasana mpisolovava izay tsy maintsy nandoavana volabe sady izay indray niantohana fiaramanidina manokana na “jet privé”, izay tsy mazava ny loharanombola nampiasaina, volampanjakana ve? sa volan’ilay tompombolamena ? sa ny mpitondra ihany no tompon’entana ? Ny tsikaritra dia mpisolovava nalefa hiaro ny fitondrana ireo nandeha ireo, fa tsy hiaro an’izy telolahy voatana tany Afrika Atsimo, noho izany dia tokony hisy ny mangarahara, miantefa any amin’ ny Bianco ny masonn’ny vahoaka malagasy ahalalana ny marina momba ny vola nandefasana mpisolovava , ny “ Pac na Pôle anticorruption” koa manana adidy hanadihady izany.

Vao mainka manasaro-javatra ny fanapahankevitra noraisin’ny fitondrana nangataka “extradition”, sy nampiditra amponja ireo pirina kely tafiditra amin’izao raharaha izao, satria ny azo antoka araka ny vaovao efa miely erantany dia tsy maintsy ho tonga aty Madagasikara ireo olon’ny fitsarana any Afrika Atsimo, sy ny ”Interpol”, ary ny sampampitsikovana Amerikana “ CIA” na “Central Intelligence Agency”, dia ho raisimpotsiny ireo trondro Fibata , izay efa zatra mihinana ireo trondro madinika.

Mandrapiandry izay hisehoany Afrika Atsimo, sy ny fahatongavan’ireo mpanao fanadihadiana avy any ivelany, dia milaza fa manohy ny fanadihadiana koa ny avy ao amin’ny “Pac “, nambaran’ilay tompon’andraikitra tao, fa mahatratra 18 hono ny olona voarohirohy , misy ireo 7 mbola karohina, tsy mbola navoaka kosa ny anaran’ ireo rehetra ireo.

Tsy maintsy hivoaka ny marina momba izao raharaha izao ary ireo avy any ivelany no tena andradraina, nandrora mitsilany ny mpitondra ka tsy main-tsy hijinja izay nafafiny, ny “Miara-manonja” etsy andaniny izay tsara fanombohana, satria mifanojo tamin’ ity raharaha volamena ity, dia vao mainka mitombo avo folo na roapolo heny ny mpihaino azy, ny vokatr’ izany dia hiara-hanonja daholo ny vahoaka malagasy manerana an’i Madagasika-ra, ka ho rendrika tsy ho ela ny sambo, satria hipoitra tsikelikely ireo raharaha rehetra tsy mety.

Ny Valosoa

Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

Nanao latabatra boribory niaraka tamin’ny mpanao gazety

Efa am-bolana maro izay no nanambaran’ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana, fa manana ny làlana izy hamoahana ny firenena ao anatin’izao lavaka mangitsokitsoky ny fahantrana sy fahasahiranana lalina izao. Misy ny boky novokariny miisa fito mirakitra ireo fanadihadiana sy fikarohana maneho ny vokatra avy amin’ izany. Io vokatra mitombona sy voaporofo aratsiantifika fa mahom-by hanatanterahana ny vinam-pisian’i Madagasikara miainga avy any amin’Andriamanitra ho an’ ity Nosy ity sy ny vahoaka ao aminy. Tsy tsara raha atao tompon-trano mihono ny vahoaka malagasy amin’izany vina lehibe miankina ny ho avin’ity firenena ity manontolo, ary hahasoa azy. Ilay mahasoa azy, fiarahamonina ao anaty fihavanana tsy mifanambaka, tsy mifamono fa mifamelona, sy mifanohana. Maniry izany ny Malagasy manerana ny Nosy.

Ny hampitàna izany vina izany indrindra no antony niantsoan’ny AFK ireo mpiserasera amin’ny fampitam-baovao na mpanao gazety hanao dinika andatabatra boribory teny Ampandrana omaly. Dinika nifanakalozana hevitra nijerena ny amin’ny hampitana amin’ny vahoaka izany làlana hahasoa ny firenena izany. Navitrika ny rehetra namoaka ny heviny sy ny fijeriny nandritry ny fihaonana ary nahabe fanantenana tokoa izany.

Ny tena olana eto amin’ity firenena ity dia ny tsy fifampitokisana. Vahaolana aroson’ny AFK amin’izany ireo andry fototra sivy lehibe eo am-pelatanany. Ny tena andrasana ho an’ny AFK dia ny hanana olona hiditra ao amin’ireo andry fototra sivy ireo izay manàla ny tsy fifampitokisana eo amin’ny samy olom-pirenena. Mbola hisy loabary an-dasy iray lehibe hotanterahiny Sabotsy 27 Febroary izao eny amin’ny Le Pavé Antaninarenina hampiraisankevitra ny amin’ny hahafahana miroso ho amin’ izany dingana lehibe izany. Ankoatra io, dia fikendrena ihany koa ny hisian’ny dinik’asa sy loabary an-dasy any amin’ny faritra rehetra manerana ny Nosy. Efa nisy tamin’ny toerana vitsivitsy ny hetsika natao hatreto ary araka izany dia miroso handeha lavitra bebe ko-koa ny AFK ho amin’ny fatanterahana izao vinam-pisian’i Madagasikara izao.

Aris

Ny Valosoa sy fakafaka

Miditra taona faha-3 nitondrana firenena

Miha-maizin-kitroka ny lalan-kizoran’ny firenena sy Rajoelina

Tsy hita intsony izay handraisana ny fandehanan’ny raharaha eto amin’ity firenena ity amin’izao fotoana izao. Olana etsy, zava-manahirana eroa ; zava-milamina kely vao tsy ela indro indray misambadidaka tato ho ato ; ny zavatra tsy hita nilamina hatramin’izay mbola mitohy ihany amin’izao fotoana izao, sns... Mazava loatra, fa misy tsy fahaizana mitantana firenena ao.

Miditra amin’ny telo taona nitantanana firenena ny fitondrana Rajoelina, izany no zava-misy eto iainan’ny vahoaka Malagasy. Ilay vahoaka Malagasy nampanantenaina volana an-tenda amin-javamampanonofy azy. Toa mampanahy anefa ny ho avy ary zary maizin-kitroka aza. Midangana tsy mitsahatra ny vidim-piainana, tsy misy fanantenana ny iverenan’ny asa very sy ny fihariana mbamin’ny fivelomana potika. Toa tsy mampandrimandry saina ny amin’ity fihanaky ny valanaretina ity ary toa mieloelo ratsy izany ny “raho-mitatao”. Manampy trotraka ny hafanambe, ny tsy fahampian-drano sy ny faharitran’ny rano na an-drenirano sy loharano na an-dava-drano. Mety hisy fiantraikany any amin’ny seha-pambolem-bary amin’ity taona ity izany rehetra izany.

Mazava loatra, tsy laharam-pahamehana ho an’ny vahoaka Malagasy ny fitanisana hantanterahana fotodrafitr’asa amin’ity taona ity. Ny mahamaika azy, dia ny famahana olana maika ny amin’ny zava-manjo azy amin’izao fotoana izao eo amin’ny andavanandrom-piainany. Kely endaka amin’izany anefa ity fitondrana Rajoelina ity raha ny fahitana ny zava-misy tao anatin’izay krizy ara-pahasalamana izay. Manaporofo izay, tsy ny vahoaka Malagasy manontolo no vitany ny nitsinjo azy, fa ampahany nosingantsinganina sy nofantimpantenana teny anivompiarahamonina. Nisy ireo voailika sy natao anjorombala hatramin’izao. Mbola manamafy izay hakely endaky ny fitondrana izay, ny tsy fahafehezany ny fanaraha-maso sy fitantanana ny harem-pirenena. Nahatalanjona ny vahoaka ny amin’ity fivoahan’ny volamena Malagasy 73,5kg ity, ka itarafana ny fisian’ny gaboraraka eto amin’ny firenena.

Raha bangoina, tsy mandeha amin’ny laoniny mihitsy ny zava-misy eo amin’ny fitantanam-pirenena amin’izao fotoana izao. Zary toa nivily làlana mankany amin’ny mikitoantoana fa tsy hisosa ny firenena. Mby amin’ilay fitenenana ve izany izao ny zava-misy hoe” ny nantenain-kanirina ity no toa mampivandravandra”. Natao hanàla ny fahantrana sy nidehaka ho hahavita izany, kanefa niha-nitombo ny tahan’ny fahantrana.

Sôh’son

Antenimierandoholona

Nankalaza ny fetin’ny Manamboninahitra, ny 12 janoary koa

Toy ny fanao isan-taona dia nandray anjara tamin’ny fanamarihana ny fankalazana ny « Fetin’ny Manamboninahitra » manerana an’i Madagasikara, ireo Manamboninahitra ao anivon'ny Antenimierandoholona, izay notanterahina ny talata 12 janoary 2021 tao amin’ny Lapan’Anosikely. Natao nandritra izany ireo fomba fanao amin’ny ny lanonana, toy ny fibaikon’ny mitondra grady ambany indrindra, ka ny kapiteny RANDRIANARIVO Jerôme no nitondra izany fibaikona izany. Nisy ihany koa ny fanolorana ny gisa na « oie traditionnelle » ho an’ny Filohan’ny Antenimierandoholona Rivo RAKOTOVAO, sy ny Loholon’i Madagasikara izay sady manamboninahitra, ny Jeneraly REHOSEVO, ary ny Lehiben’ny Fiarovana ny Lapa, ny Kolonely RATSIMBAZAFY Rinah. Tonga nanotrona sy nankalaza izao lanonana izao ihany koa ny Talen’ny kabinetran’ny Filohan’ny Antenimierandoholona, ireo mpanolotsaina eo anivon’ity Andrimpanjakana ity, ary ireo lehiben’ny fitantanandraharaha. Manoloana izany dia nanam- bara ny Filohan’ny Antenimierandoho- lona Rivo RAKOTOVAO, fa fakan-tahaka izao fihetsika nataon’ireto manamboninahitra ireto izao satria mariky ny fifanka- tiavana, fifanajana ary firaisankina izany.

Isambilo

Ny fankalazana ny 12 janoary tetsy Anosikely.

Ny Valosoa sy hadihady

Velirano : be loatra ny kitay nentina nively azy ka mangotraka izy izao

Tena tanteraka ny fireharehan'ny filohan'ny Repoblika, Rajoelina Andry, tamin'ny fotoana nilazany fa aty Madagasikara ny mason'izao tontolo izao. Iaraha-mahatadidy io fanehoan-kevitra io satria tao anatin'ny ady tamin'ilay fahavalo tsy hita maso, covid-19, ny teto amin'ny Nosy. Azo nolazaina raha ny tarehy marika nivoaka fa vitsy noho izay tranga tany ivelany no nisy teto. Raha ampitahaina amin'ny isan'ny mponina kosa anefa dia tsy am-pihambahambana no ilazana fa mifanahatsahana ny tahan'ny tratran'ny aretina. Nihazakazaka nandefa fiaramanidina tokoa ny taty Afrika nividy na nomena ilay tambavy CVO organics. Tsy nisy niverina nanjifa ity fanefitra na fitsaboana ity intsony taty aoriana. Nanome lamosina avokoa na ireo nomena maimaimpoana, na izay nividy satria tsy nahitam-bokatra tany aminy. Ny mpitondra na ny tomponandraikitra amin'ny resaka fahasalamana teto an-toerana anefa dia nilaza fa sitrana daholo izay rehetra nisotro ity fanafody majika ity. Nolazain'ny filohan'ny Repoblika mihitsy fa fito tapitrisa no lany kanefa dia tsy misy mahita izany tavoahangy efa ho ampahatelon'ny mponina eto izany hatramin'izao. Satria mangatsiaka any ivelany, Eoropa, Amerika dia miverina indray ity aretina ity. Mafana tsy mbola nisy toy izany manerana an'i Madagasikara kanefa dia mirongatra ihany koa ny covid-19 amin'izao fotoana izao. Izay angamba vao tena ho hampiasaina amin'izay ny CVO+ satria raha hatramin'izay nisokafan'ny ozinina mpamokatra azy izay dia efa misy tahiry (stock) tsy toko tsy forohana izany amin'izao fotoana izao. Aty Madagasikara indray ny mason'izao tontolo satria hanafatra ilay vaksiny vitan'ny laboratoara any ivelany ihany ve ny fitondrana malagasy sa mbola manana hambompompirenena, ka hionona amin'izay vita eto an-toerana? Samborina izay tsy manaraka ny fepetra ara-pahasalamana. Aty Madagasikara indray koa ny mason'izao tontolo izao, na dia tsy mivaky izany aza ny mpitondra, satria miparitaka maneran-tany ilay vaovao momba ny volamena fitopolo kilao mahery tratra tatsy Afrika Atsimo. Ny hambompom-pirenena voizina manoloana ity raharaha ity dia ny hoe "tsy maintsy tafaverina eto Madagasikara ireo volamena ireo". Miezaka manadio tena daholo ireo tomponandraikitra voasaringotra amin'ity raharaha ity. Samy manana ny filazany anefa ny tsirairay ka hita fa misy mifanipaka ny ambaran'izy ireo satria ao ny niteny fa avy any Mali ireo volamena ireo. Tsy mihambahamba ny hafa manambara fa trafika izao mitranga izao. Ny azo lazaina dia tsy zava-baovao ny trafika eto amin'ity Nosy ity satria efa tamin'ny tetezamita no nanomboka izany, ka tsy volamena ihany fa eo koa ny andramena izay tsy misy fantatra ny tohin'ireo raharaha ireo hatramin'izao. Lazaina fa sidina manokana (vol privé) no nitondra ireo volamena ireo. Nisy koa no nilaza fa vol clandestine, izany hoe sidina antsokosoko. Eo dia efa mifanipaka ny fanambaran'ny ao ambony ao. Fomba mahazatra izao fitondrana izao ny mody misambotra sy managadra olona entina mandrebireby ny sain'ny olompirenena, satria tiana harovana ny tena atidoha sy tompon'ireo volamena ireo. Tsy eken'ny saina ny hamerenana sy hitsarana eto Madagasikara ireo olona telo voatazona any Afrika Atsimo, satria tsy mahatoky ny fitsarana eto intsony na dia ny teratany malagasy aza. Voasarotsarona ihany izay trafika nataon' ny mpitondra teto izay, fa ity indray mitoraka ity dia fahafaham-baraka (scandal) tsy roa aman-tany no mahazo ny tompom-pahefana amin'izao fotoana izao. Efa aty Madagasikara koa ny mason'izao tontolo izao raha vao nitranga ny "kere" any Atsimon'ny Nosy. Efa mihazakazaka manampy ny mponina any ny firenena avy any ivelany, ka anisan'izany ny Amerikana amin' ny alàlan'ny USaid. Tsy mahatoky ny fitondrana mijoro intsony ny mpiray antoka, ka aleon'izy ireo midina any an-toerana mihitsy mizara ny fanampiana. Na eo aza anefa izany dia fantatra izao fa dia efa aman-jatony maromaro ny olona efa niala tany an-toerana, ka mikasa ny hiakatra aty an-drenivohitra satria tsy misy hisarangotana intsony izy ireo. Matahotra anefa ny fitondrana fa hanampy isa ireo efa tsy manan-kohanina eto koa ireo, ka mety hanafaingana ny fipoahana ara-tsosialy. Efa mangotraka tokoa ny rano novelesin'ny mpitondra hatramin'izay, ka misaraka ny H2O mandrafitra azy, ka raha vao misy tselatr'afo dia hipoaka ny iray ary hirehitra ny ilany ary hivaivay tokoa.

Andry Tsiavalona

RMDM Melaky

Raharaha volamena, henatra ho an'ny fitondrana Rajoelina

Henatra ho an'ny fitondrana Rajoelina ny raharaha volamena tratra tany Afrika Atsimo iny, hoy ny avy amin'ny RMDM, na ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia any amin'ny faritra Melaky. Tsy mbola nisy firenena teto amin'izao tontolo izao hoy ny fanambarana, nivoahana volamena antsokosoko tao aminy ary tratra milanja 73,5 kg be izao. Ankoatra izany, nanambara ny fitondrana fa tsy maintsy haverina eto an-tanindrazana ireo 3 lahy tratra tany Johannesburg mialohan'ny 12 janoary, tsy tanteraka anefa izany. Araka ny vaovao koa hoy izy ireo, nandefa AVOCAT na mpisolovava any mihintsy ny fanjakana, satria ahoana hoy ny fametraham-panontanian'ny RMDM Melaky. Nisy nilaza koa fa avy any Mali ireo volamena ireo, nefa ny fanjakana milaza hamerina izany volamena izany eto Madagasikara. Vaky balle izany ny eny Ivato hoy ihany ny fanambarana, ka ireo SERVICE, na sampan-draharaha maro miandraikitra eny tsy nandray ny andraikiny ? Mahakasika ny fandefasana mpisolovava : mpangalatra izany no arovan'ny fanjakana Malagasy, ka nandefasana avocat any mihintsy ! Aza magnabarabara olona aba ra, hoy ny RMDM Melaky. Aleo andrasana ny tohiny, fa tseriky zahay, fa lehilahy 1 tratra naka volamena 1 g tsy nisy avocat nomena azy, nefa ity volamena halatra 73 kg tsy nisy nahita raha nivoaka teo Ivato. Looooooza !

Niaina

Ilay fiaramanidina manokana, nitondra ireo mpisolovava nankatsy Afrika Atsimo.

ANTENIMIERANDOHOLONA

Maika tsy faingana ireo Loholona vaovao…

Lany henatra tanteraka no azo ilazana ireo " Loholona" voafidy farany teo sy ireo ho mpiara-miasa aminy, izay nandefa olona tetsy amin'ny Lapan'ny Antenimierandoholona omaly alarobia 13 Janoary 2021, niditra ankeriny tany amin'ny birao tsy nahazo alalana avy tamin'ny tomponandraikita, izay mbo- la amperin'asa satria tsy mbola nisy ny famindrampahefana ara-dalàna vita.

Teny feno fahendrena no nasetrin'ny Filohan'ny Antenimierandoholona, Rivo Rakotovao ireo maika tsy faingana ireo, kanefa azo antoka fa tsy hiditra amin' ny zanak'atidohan'ireo voairaka ny teny nataon' ny manampanahy, satria mety efa nahazo baiko hoe tsy maintsy amin'ny 13 Janoary ianareo no manomboka ny asa satria mbola mihevitra ny mpomba ny fitondrana, fa



manambina azy ireo ny isa 13.

Iny zava-niseho tao Anosikely iny dia efa nahazoana an-tsaina fa hanjaka ny gaboraraka ao amin' io andrimpanjakana io, satria ny fifidianana nahalany ireo 12 , 2 isam-paritany dia efa fifidianana tsy ara-dalàna fa natao amboletra noho ny fahatahorana ireo ho voafidy any amin'ny faritra sy ny faritany.

Dodona sy maika amin'ny fanesorana ireo loholona ao amin'ny birao ireto tampoin-tseza, na dia efa nanambara aza ny Filoha Rivo Rakotovao teo anatrehan'ny filohan'ny repoblika, fa vonona ny hanao famindrampahefana amin'ny ara-dalàna.

Ny azo antoka dia matahotra mafy ireo raharaha efatra izay nanaovana fanadihadiana parlementera ireto loholona vao hiditra , ka ny tena mahatorankovitra tanteraka azy ireo dia ilay raharaha "doublon".

Hisy rahateo ny hetsika hanehoana firaisankina mikasika io resaka "doublon" io eo anoloan'ny Lapan' Antenimierandoholona anio alakamisy 14 Janoary 2021 manomboka amin'ny 8 ora maraina, ho maro no hiatrika izany anio.

Mbola santatra ambava rano io hatao eny Anosikely io, fa ny manetsabe mbola ho avy, sady vahoaka mpanara-dalàna no ho tonga haneho hevitra am-pilaminana, fa sanatria tsy toy ireo mpanao amboletra izay toetra tsy mendrika ny loholona fa sahaza ireo mifanohitra amin'ny "lohany".

Ny Valosoa

TONONKALO

MILA MIOVA VAO MANOVA

Ny hanova , ny hanova , izay no ambentin-teninao,
Fa ny hiova , ny hiova , tsy hainao ve Rabelazao ?
Aleo tenenina mahitsy , aleo tenenina mazava,
Fa dia tena ianao ilay hoe "mpitari-bato vilambava" !

Tsy mivonona hiova , tsy mba miezaka ho modely,
Fa dia faly hampanantena sy hifanahim-boaikely!
Hevi-dratsy , valifaty no nanjaka tato ho ato.
Tena ontsa anao ny fo ka saino ry mpitari-bato !

Aza faly hirehareha ny hoe hitondra fanovàna,
Fa miovà mba ho fitaratra dieny ety am-piaingana.
Ianao ilay miova, izay aloha no tena maika ka fantaro,
Avy eo , tsy sarotra ny hanova, fa hanaiky anao ny maro !

…Raha izany dia tsarovy , misy dingana voafaritra.
`Ndeha jereo "ny mahasoa", avy eo vao "ny mahafinaritra".
Toy izany koa , fantaro, mila anao mba miova aloha,
Avy eo vao miezaka hanova, ilay tena hoe filoha !

DADAN`i ZINA (10-01-21)

2021

NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Janoary			Febroary			Marsa			Avrily			Mey			Jona		
1	Zom	Taombaovao	1	Alt		1	Alt		1	Alk		1	Asb	Fetin'ny asa	1	Tal	
2	Asb		2	Tal		2	Tal		2	Zom		2	Alh		2	Alr	
3	Alh		3	Alr		3	Alr		3	Asb		3	Alt		3	Alk	
4	Alt		4	Alk		4	Alk		4	Alh	Paska	4	Tal		4	Zom	
5	Tal		5	Zom		5	Zom		5	Alt	Alt. Paska	5	Alr		5	Asb	
6	Alr		6	Asb		6	Asb		6	Tal		6	Alk		6	Alh	
7	Alk		7	Alh		7	Alh		7	Alr		7	Zom		7	Alt	
8	Zom		8	Alt		8	Alt	Andron'ny vehivavy	8	Alk		8	Asb		8	Tal	
9	Asb		9	Tal		9	Tal		9	Zom		9	Alh		9	Alr	
10	Alh		10	Alr		10	Alr		10	Asb		10	Alt		10	Alk	
11	Alt		11	Alk		11	Alk		11	Alh		11	Tal		11	Zom	
12	Tal		12	Zom		12	Zom		12	Alt		12	Alr		12	Asb	
13	Alr		13	Asb		13	Asb		13	Tal		13	Alk	Ascension/Id al Fitr	13	Alh	
14	Alk		14	Alh		14	Alh		14	Alr		14	Zom		14	Alt	
15	Zom		15	Alt		15	Alt		15	Alk		15	Asb		15	Tal	
16	Asb		16	Tal		16	Tal		16	Zom		16	Alh		16	Alr	
17	Alh		17	Alr		17	Alr		17	Asb		17	Alt		17	Alk	
18	Alt		18	Alk		18	Alk		18	Alh		18	Tal		18	Zom	
19	Tal		19	Zom		19	Zom		19	Alt		19	Alr		19	Asb	
20	Alr		20	Asb		20	Asb		20	Tal		20	Alk		20	Alh	
21	Alk		21	Alh		21	Alh		21	Alr		21	Zom		21	Alt	
22	Zom		22	Alt		22	Alt		22	Alk		22	Asb		22	Tal	
23	Asb		23	Tal		23	Tal		23	Zom		23	Alh	Pentekôsta	23	Alr	
24	Alh		24	Alr		24	Alr		24	Asb		24	Alt	Alt. Pentekôsta	24	Alk	
25	Alt		25	Alk		25	Alk		25	Alh		25	Tal		25	Zom	
26	Tal		26	Zom		26	Zom		26	Alt		26	Alr		26	Asb	Fetim-pirenena
27	Alr		27	Asb		27	Asb		27	Tal		27	Alk		27	Alh	
28	Alk		28	Alh		28	Alh		28	Alr		28	Zom		28	Alt	
29	Zom					29	Alt	Fahatsiarovana 1947	29	Alk		29	Asb		29	Tal	
30	Asb					30	Tal		30	Zom		30	Alh		30	Alr	
31	Alh					31	Alr					31	Alt				

FILOHA MARC RAVALOMANANA

Taonan'ny fahasahiana hananganana firenena vanona ny 2021

NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro VAOVAO www.gvalosoa.com

2021

NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Jolay			Aogositra			Septambra			Oktobra			Novambra			Desambra		
1	Alk		1	Alh		1	Alr		1	Zom		1	Alt	Fah. Olo-masina	1	Alr	
2	Zom		2	Alt		2	Alk		2	Asb		2	Tal		2	Alk	
3	Asb		3	Tal		3	Zom		3	Alh		3	Alr		3	Zom	
4	Alh		4	Alr		4	Asb		4	Alt		4	Alk		4	Asb	
5	Alt		5	Alk		5	Alh		5	Tal		5	Zom		5	Alh	
6	Tal		6	Zom		6	Alt		6	Alr		6	Asb		6	Alt	
7	Alr		7	Asb		7	Tal		7	Alk		7	Alh		7	Tal	
8	Alk		8	Alh		8	Alr		8	Zom		8	Alt		8	Alr	
9	Zom		9	Alt		9	Alk		9	Asb		9	Tal		9	Alk	
10	Asb		10	Tal		10	Zom		10	Alh		10	Alr		10	Zom	
11	Alh		11	Alr		11	Asb		11	Alt		11	Alk		11	Asb	
12	Alt		12	Alk		12	Alh		12	Tal		12	Zom		12	Alh	
13	Tal		13	Zom		13	Alt		13	Alr		13	Asb		13	Alt	
14	Alr		14	Asb		14	Tal		14	Alk		14	Alh		14	Tal	
15	Alk		15	Alh	Assomption	15	Alr		15	Zom		15	Alt		15	Alr	
16	Zom		16	Alt		16	Alk		16	Asb		16	Tal		16	Alk	
17	Asb		17	Tal		17	Zom		17	Alh		17	Alr		17	Zom	
18	Alh		18	Alr		18	Asb		18	Alt		18	Alk		18	Asb	
19	Alt		19	Alk		19	Alh		19	Tal		19	Zom		19	Alh	
20	Tal	Id al Adha	20	Zom		20	Alt		20	Alr		20	Asb		20	Alt	
21	Alr		21	Asb		21	Tal		21	Alk		21	Alh		21	Tal	
22	Alk		22	Alh		22	Alr		22	Zom		22	Alt		22	Alr	
23	Zom		23	Alt		23	Alk		23	Asb		23	Tal		23	Alk	
24	Asb		24	Tal		24	Zom		24	Alh		24	Alr		24	Zom	
25	Alh		25	Alr		25	Asb		25	Alt		25	Alk		25	Asb	Krismasy
26	Alt		26	Alk		26	Alh		26	Tal		26	Zom		26	Alh	
27	Tal		27	Zom		27	Alt		27	Alr		27	Asb		27	Alt	
28	Alr		28	Asb		28	Tal		28	Alk		28	Alh		28	Tal	
29	Alk		29	Alh		29	Alr		29	Zom		29	Alt		29	Alr	
30	Zom		30	Alt		30	Alk		30	Asb		30	Tal		30	Alk	
31	Asb		31	Tal					31	Alh					31	Zom	

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro
www.gvalosoa.com

TSY FANARAHANA FEPETRA ARA-PAHASALAMANA

Henjana ny sazy, nihosona ireo tsy nanao aro vava sy orona

Mihenjana amin'izao fotoana ireo mpitandro filaminana, amin'ny fampanajana ireo fepetra ara-pahasalamana, isorohana ny tsy iparitahan'ny valanaretina coronavirus. Maro ireo tratra tsy nanao aro vava sy orona omaly, nampanaovina asa ho an'ny tombontsoa iombonana izy ireo. Henjana tokoa ny sazy, satria nampanadiovina tatatra maloto ireo olona nandika fepetra ary tena nihosona tokoa nandritra izany asa fanadiovana izany. Tena misy ny valanaretina coronavirus, fa tsy fahatahorana hanao asa iombonana no anaovana aro vava sy orona, ho fiarovantena amin'ny valanaretina no tsy maintsy itondrana azy ireny, ka hajao izay fepetra izay. Toy izany koa, hajao ny elanelana 1 metatra satria mora mifindra ny tsimokaretina corona. Ataovy matetika koa ny fanasana tanana amin'ny rano sy savony, na amin'ny gel mamono otrikaretina ho an'izay manana izany. Tena mbola misy ary mamono ny corona ka aoka samy hitandrina hatrany.

Olona nanao asa ho tombontsoa iombonana, tratra tsy nanao aro vava sy orona omaly.

Stefa

Bisikileta tsy azo entina ambony fiara

Fanambaniana ny mpandeha hoy ireo mpanjifa

Vao nivadika ny taona dia ny lalàna mifehy ny fifamoivoizana napetraky ny antokon-draharaha ny fitaterana an-tanety (ATT) indray, momba ny fandraràna ny fitondrana bisikileta, lamba friperie, moto, fanaka mihaja... eny amin' ny porte bagage, no nanakoako. Tsy ekena ny fametrahana izany eo ambonin'ny fiara, nefa dia efa nanambara ny mpamily, fa iny no mba tombontsoa kely mameno ny vola enjehina rehefa vita ny asa fitaterana na ny làlan-kaleha. Tsorina anefa raha ny fanadihadiana natao dia maro ireo mpandeha zotra rezionaly no nilaza, fa tokony tsy asiana io lalàna io ho an'ireo mody lavitra satria ireo entana toy ny bisikileta ohatra, dia ilaina any lavitra ary tsy maintsy vidiana an-tanàn-dehibe, handoavana frais manokana amin'ny mpitatitra izay handehanana sady efa mahazatra ny rehetra. Sarotra ny hoe maka fiara fitateran'entana hafa indray, satria lasa avo roa heny indray ny vola mivoaka ho an'izay mitondra ireo entana voarara, ka heverina fa toy ny fanaovana tsinontsinona ihany ho anay tambanivohitra raha hampiharina eto. Marihina fa ny entana rehetra izay apetraka eo ambonin'ny fiara fitaterana dia efa misy haavony tsy maintsy arahina ary lamina tsy maintsy hatao, mba tsy ho olana ho an'ny mpamily sy ny mpanampy azy, ka rehefa tojo amin'izany dia tsy tokony hamoronana fepetra manara-penitra hafahafa indray. Ny sary izay aseho dia porofo fa tsy matahotra io lalàna io ny rehetra, ka na ny polisy sy zandary aza dia mba misalasala manakana ireo fiara, satria hono ny fomba teo aloha ihany no mety sy mahasoa.

Sarotra ny hampihàtra ny tsy fahazoana mitondra bisikileta ambony fiara mpitatitra.

Beharo

FJKM, 17 janoary 2021

Tsy misy fiovana ny fandaminana eny amin'ny Coliseum

Hiatrika fotoan-dehibe izay efa nomanina ela ny eo anivon'ny sahan'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara, na FJKM ny alahady 17 Janoary ho avy izao. Ho fotoam-bavaka lehibe hitrotroana am-bavaka ny taom-piasana 2021 sy ny filohan' ny FJKM, ny Dr IRAKO ANDRIAMAHAZOSOA Ammi sy ny ankohonany io andro io, izay efa fanaon'ny fiangonana isantaona. Hiavaka ny amin' ity taona ity satria araka ny fandaminana dia hiditra in-droa ny fiangonana dia ny amin'ny 7 ora sy sasany sy amin'ny 11 ora. Ny maraina voalohany dia ny kristiana avy any amin' ny synodamparitany Antananarivo atsinanana sy Iarivo avaradrano, ary amin'ny fidirana faharoa kosa ny kristiana avy amin'ny synodamparitany Antananarivo andrefana sy atsimo.

Efa niomana fatratra amin' ny fandaminana hahatomombana izany fotoampivavahana izany ny tomponandraikitra. Nambara fa tsy misy fiovana ny fandaminana na eo aza ny fepetra mety noraisina amin'ny fiatrehana ny fihanaky valanaretina covid 19. Efa miomana tanteraka ho amin'ny fampanajana ny fepetra arapahasalamana tokony horaisina rahateo amin'izany ny fiangonana.

Radafy

Trangam-piarahamonina

Lahy antitra 60 taona nametaveta zazavavikely 6 taona

Nisehoana tranga fametavetana zaza tsy ampy taona, sy fanolanana tany amin'ny faritra Atsinanan'i Madagasikara iny. Lahy antitra iray 60 taona no nahavita namiravira zazavavy kely 6 taona tao Toamasina. Araka ny vaovao voaray, notambazany 300 Ar ity farany, mba hahafahany nanao ny filan-dratsiny. Raha ny fampitam-baovao dia efa elaela ity lahy antitra ity no nanararaotra ity zazavavy kely ity, fa tsy vao indray mandeha. Efa eo am-pelatanan'ny manam-pahefana ity tsy mataho-tody ity amin'izao fotoana.

Niaina

Ilay lahy antitra namiravira zazavavikely tany Toamasina.

Miverina misokatra ny Village Voara

Miha-mirongatra ny valanaretina coronavirus

Miverina misokatra amin'izao fotoana ny Village Voara eny Andohatapenaka, ny dikan'izany, miha-mirongatra indray ny valanaretina coronavirus. Hiverina hisokatra izany toerana izany hanao fitiliana ireo marary misy soritr'aretina covid-19. Nanao filazana ny Ministeran'ny Fahasalamana afak'omaly tamin'ny alalan'ny Minisitra Pr Hanitralala Jean Louis Rakotovao, fa ho fisorohana ny fiparitahan'ny aretina sy hialàna amin'ny fiverenana amin'ny fihibohana dia noraisina ny fepetra, fa hisokatra ny CMC-19 Village Voara Andohatapenaka, izay ahafahan'ny rehetra manatona manao fitiliana raha toa ka misy mitondra ny soritr'aretina Covid-19. Raha toa ka voatily fa mitondra ny tsimokaretina dia ho raisin'ny fanjakana an-tanana ny fitsaboana amin'ny alalan'ny CMC-19.

Toy izany koa ny any amin'ny Faritra izay nahitàna ny fiakaran'ny tranga Covid-19, dia afaka mandray ireo marary ny CSB ary mandray an-tanana ny fitsaboana ireo marary.

Tao anatin'ny herinandro tokoa dia tafakatra 234 ny tranga vaovao ary niisa 5 ireo maty noho ny Coronavirus.

Noraisina ihany koa ny fepetra fandraràna ny famorian'olona mihoatra ny 50 sy ny fanamafisana ny fanaovana ny arovava sy orona ary ny fitandreman-tenan'ny tsirairay, mba hisorohana ny mety hiverenana amin'ny fihibohona, izay tsy ho zaka raha sanatria ka hisy.

Stefa

Ny ivon-toerana fanaovana fitiliana ny covid19 eny Andohatapenaka.

Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy ary ireo rehetra mety iantefany izao manaraka izao : aleo hifampizarana ihany.

Izao no tena anto-pisiany sy antony nananganana ny Magro. Tsy nisy vidim-bary niakatra be ohatr'izao tamin'izany, satria ny Filoha Ravalomanana no nitondra, noho izany, izy no nanao izay fomba rehetra nitazonany ny vidin'entana ho araka izay tokony ho izy, sy sahaza ny fahefa-mividin'ny vahoaka. Eny fa na dia niditra fatiantoka mihitsy aza izy tamin'izany. Ankehitriny, jereo kely ny tableau. raha niteny aho t@izay hoe tsy misy vidim-bary baikona avy eny ambony latabatra izany dia midina io. Ary 500 Ar ny kapoaka notenenin'ny piraiminisitra, aiza izy izao? Tohano kosa ho antsika rehetra izay mitovy amiko ary nahatsapa fa hafa ihany ny mpitondra nitsinjo ny fiainam-bahoaka tena mivantana dia ny fitondrana Ravalomanana tamin'izany. Saino izany anio...

Falinirina Randrianarivelo
Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao.

NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO
Dokam-barotra
Tél. 034 79 076 00

Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE 09/01/2021 hatramin'ny 16/01/2021

- NOUVELLE (Rue Indira Gandhi Tsaralalana) 020 22 370 03/034 22 370 03

- SOANDRY (Behoririka près de Luxor) 020 22 228 37/033 11 650 36 /034 98 379 12

- HANITRA (Ankorahotra) 020 22 312 81/020 22 350 80

- AMBODIVONA (Ambodivona) 034 07 228 98

- MAMY (67HA Nord Est) 020 22 318 21/020 24 627 72

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1114-01-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

Mpiasan'ny Kraomita

Hitory ny tale jeneralin'ny KRAOMA sy mitaky ny fialany

Tsy mahavaha olana ny Tale Jeneralin'ny orin'asa Kraomita Malagasy (KRAOMA), hoy ireo mpiasa satria tsy nihodina nandritra ny herintaona sy tapany ny orin'asa. Nitokona nanoloana ny Biraon'ny orinasa kraomita Malagasy tetsy Ampefiloha ireo mpiasa ny talata lasa teo, nitaky ny fanesorana ny Tale Jeneralin'ny orinasa, no sady hitory an'ity mpitantana ity eo anivon'ny filankevi-pitantanan'ny orinasa Kraomita, sy ny eo anivon'ny PAC (Pôle Anti-corruption). Nilaza ny solontenan'ny mpiasa, fa nahitana fanodinkodinana ny karaman'ny mpiasa, sy ny fanodinkodinana ny fitaovan'ny orinasa nataon'ny Tale Jeneraly ary nisy ihany koa ny fitrandrahana tsy ara-dalàna nataon'ity mpitantana ity tao anatin'ny tanin'ny orinasa Kraomita Malagasy. Nanamafy Andriamatoa Razafimamy, delegen'ny mpiasa, fa nifanjevo ny fandoavana ny karaman'ny mpiasan'ny orinasa Kraomita Malagasy amin' izao fotoana izao, satria misy olona nahazo karama nivoaka eny amin'ny Banky ary nisy olona nandray karama nalefa tamin'ny alalan'ny kaonty Mvola. Nilaza anefa ity delegen'ny mpiasa ity, fa tokony nanao "Procuration" tamin'ny mpiasa rehetra ny mpitantana alohan' ny handoavana ny karama amin'ny alalan'ny Mvola, fa tsy nanapaka zavatra samirery ary tsy nisy "Fiche de paye" voasoratra mazava ny fandoavana an'izany karama izany.

Tsy afangaro resaka politika ny fitantanana ny orinasam-panjakana

Namaly ny anton'ny fitakian'ny mpiasa Andriamatoa Rakotomanantsoa Nirina, Tale Jeneralin'ny orinasa Kraomita Malagasy, fa tsy azo antenaina hanarina ny orinasa Kraomita Malagasy ireo mpiasa vitsivitsy, izay efa namono sy namotika an'ity orin'asa ity. Nanazava ity tompon'andraikitra ity, fa olona efa niray tsikombakomba tamin'ny fitondram-panjakana teo aloha izay nanatanteraka fifanarahana fiaraha-miasa niaraka amin'ny mpiara-miombon'antoka iray ireto mpiasa vitsivitsy ireto, ka nahatonga fatiantoka mitantina 40 lavitrisa Ariary teo amin'ny orinasa Kraomita Malagasy talohan'ny nandraisan'ity tompon'andraikitra ity ny fitantanana. Nanohy fanazavana ny Tale Jeneralin'ny orinasa, fa ireto mpiasa vitsivitsy ireto ihany no niray tsikombakomba tamin'ny vaki-trano tao amin'ny orin'asa Kraomita Malagasy ary nidiran-trosa mitentina 101 lavitrisa Ariary ny orinasa. Nanamafy Andriamatoa Rakotomanantsoa Nirina, fa efa misy lamina arahana ny fanesorana tompon'andraiki-panjakana iray ary ny filankevi-pitantanan'ny orinasa Kraomita no mampitsahatra ny Tale Jeneraly amin'ny asany aorian'ny fitarainana sy fitoriana nataon'ny sendikan'ny mpiasan'ny Kraomita Malagasy, fa tsy ny tabataban'ireto mpiasa vitsivitsy ireto. Mikasika ny fandoavana ny karaman'ny mpiasa indray kosa dia nanazava Andriamatoa Rakotomanantsoa Nirina, fa efa nomena ny karama 3 volana ny mpiasan'ny orin'asa Kraomita, izay mitsinjara araka izao manaraka izao: voalohany dia ny fandoavana ny karama 2 volana, izay nalefa tamin'ny alalan'ny Mvola ny volana desambra 2020 lasa teo ary ny fandoavana ny karama iray volana, izay nalefa tamin'ny alalan'ny kaontin'ny Bankin'ny mpiasa. Namarana ny fanehoan-keviny ny Tale Jeneralin'ny Kraomita Malagasy, fa tsikaritra fa rehefa hisy fifanarahana vaovao miaraka amin'ny mpamatsy vola iray ataon'ny orinasa Kraomita Malagasy dia miakatra ho azy ny fitokonana eo anivon'ny mpiasan'ny Kraomita Malagasy, mba hanoherana an'izany.

Franck Razakambelo

Antontan'isa

Havaozina ny statistika mahakasika ny rano amin'ny ankapobeny

Notanterahina ny talata teo ny lalonam-panaovantsonia fifanarahana fiaraha-miasa eo amin'ny Minisiteran'ny rano, ny fidiovana sy fahadiovana, izay nosoloin'ny Tale jeneralin'ny teknika, Thierry Emmanuel RATOVONIAINA, sy ny Ivontoeram-pirenena momba ny statistika (INSTAT), nosolointenan'ny Tale Jeneraly, Mande Isaora Zefania ROMALAHY, tao amin'ny tranom-pivorian'ny ministera ary natrehandRamatoa Voahary Rakotovelomantsoa Ministry ny Rano, Fanadiovana sy Fidiovana. Ity fiaraha-miasa eo amin'ny roa tonta ity dia fifanekena ny fifanakalozambaovao sy ny statistika kendrena amin'ny fanavaozana ny mari-drefy azo antoka sy mifandraika amin'ny antontan'isa momba ny sehatry ny Rano, Fanadiovana sy Fidiovana manerana ny Nosy. Ny INSTAT kosa dia hanavao ny tatitra mahakasika sehatry ny rano, fidiovana sy fanadiovana. Izany dia entina hanatsarana ihany koa ny kaontim-pirenena ary hanampy amin'ny fanatsarana ny fampahalalana takian'ireo modely momba ny vinavinan'ny toe-karena amin'ny ankapobeny.

Aly

Ny fifanaovan-tsonia fiaraha-miasa teo amin'ny INSTAT sy ny ministeran'ny rano.

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 333



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0332)

Mitsivalana (miv)
- Ravaka
- Asaly – Zo
- Lila
- Liona – Ro
- Salama
- Vao – En
- Mokary (miv)

Mitsangana
- Railovy
- As – Ar
- Valosoa
- Alina
- Kilalao
- Ome
- Toerana

TENY MIFANAPAKA N° 333



Mitsivalana

1. Manjetra, mora vaky **2.** Matoky (miv) – Sakafo – Kianteny **3.** Natsofokay **4.** Tsirin-teny Iharana – Tango (miv) **5.** Tanàna anisan'ny mangatsiaka eto amintsika **6.** Lio – Asa-tànana **7.** Tsara nahandro **8.** Tovovavy tena Malagasy (miv) – Eny amin'ny habakabaka **9.** Vola tsy voaloa – Malaina (BR) **10.** Mpanondro toerana – Hita eo amin'ny fitotoam-bary

Mitsangana

A. Trano maizina – Matavy **B.** Tovana – Làlam-pirenena (miv) – Fiantohana **D.** Mariky ny fiangonana **E.** Vavaka – Mampiray **F.** Voan'ny fery **G.** Faran-teny (miv) – Sary tapaka **H.** Sahala – Lafika vita rary (BR) **I.** aro-tongotro **J.** Fandefasana asa-soratra (miv) **K.** Mialoha ny hoe : ndeha hianatra izahay – Neny (BL)

Valiny Teny mifanaraka 0332

Mitsivalana
1. Vavy - Sangy (sangisangy) **2**. Nono (miv) - Sion(a) **3**. Lalina - Ana **4**. (S)ida - Rirana (miv) **5**. (K)anto - Re **6**. Tantsaha (miv) **7**. Ti - (H)aingana **8**. No (miv) - Lany (miv) **9**. Orita - Sari **10**. Tolana - Fay (miv)

Mitsangana
A Voly - Tonta (miv) **B**. Anadahy - Ro(taka) **D**. Volana - Lio (miv) **E**. Iny (miv) - Tsanta **F**. Naoty - Na (miv) **G**. ®an(o) - NN **H**. As - Sigara (miv) **I**. Niaretanay **J**. Gony - Nara **K**. Filaharany

NY TENY FIAINANA

"Finoana no nitsofan'Isaka rano an'i Jakoba sy Esao ny amin'ny zavatra ho avy."

Hebreo 11:20

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Raharaha volamena, ny fitsarana Afrikana Tatsimo tsy toy ny fitsarana Malagasy ka ho azo tsindriana

Me Hanitra - Depiote Tana 1 : nandamoka ny dian'ny delegasiona Malagasy tatsy Afrika Atsimo. Nolavin'ny fitsarana Afrikana Tatsimo ny fangatahan'ny fanjakana hampody ireo teratany Malagasy voarohirohy tamin'ny raharaha volamena 73,5kg. Araka ny vaovao voaray dia hotanterahina ao Afrika Atsimo ihany ny fitsarana azy 3 mirahalahy. Izay ilay efa noteneninay hoe ny fitsarana afrikana tatsimo tsy fitsarana Malagasy, ka ho azo tsindriana lava.
Sophia Andriamboavonjy : soa fa tsy nanaiky ny fitsarana Afrikana tatsimo, fa raha tsy izany, afaka madio2 noho ny fisalasalana no didy nivoaka. Fa inona re zany hoe fitsarana manara- penitra e!
Steve Bryan Rvl : misy efa tsy mahatombina ry rafanja ao fa hay kay tsy asian'ny olona valeur ny fitsarana aty.
RJ Hanitriniela : mba azo eritreretina ve ny hisian'ny hoe, ho tena tratra ny tompon'entana, sa hanao vy very ny ainy ireo tratra ireo, ka hibaby ny heloky ny sasany ?
Mila Rakoto : diplomatie à la malgache. Rariny ve raha resaka contrebande no handefasana mission am-panjakana any ivelany ?
Toky Lalaina : ny volamena tokony haverina, fa reo avelao ho any sao hisy hamono aty.
Ratsiefamanana Richard : zah aloha dia tsy mitsahatra misaotra an'ireo Polisy Afrikana Tatsimo e! Aleo mba hivoaka ny marina, mba ho hitanay vahoaka madinika e!
Aureline Pgn : lany indray izany ny volan 'ny vahoaka.
Thomas Rabenaivo : nody @ pataloha izany ko!
Warwick J Precious : tena mety tsara mihintsy, zany aleo tsy ho afa-maina ny trondro be, sy mba ho hitan'ny rehetra we iza no tena rangory fototry ny afo ao. Isika vahoaka mihintsy no tokony tena amporisika ny afrikana tatsimo tsy atao vitavita wazy fotsiny io raharaha io.
Lalaina Patrice : dia faly ny sasany nefa efa ho votsotra noho ny fandoavana caution izy telo, Liberté conditionnelle, anisan'ny lalàna misy any Afrika atsimo.
Jean Vakimana : pièces à conviction lesy reny d ts maintsy tazonina à titre de preuve.
Mihaja Rafanomanana : afa-baraka ny fitondrana.

Maks Sangli : Tsara lay fanapahan –kevitry ry zareo.
Andriamalala Nivotiana : soa ihany fa tsy nanaiky ny afrika atsimo, raha tsy izany, azo raisina fa tsy mitombina.
Dina Andriatafajoro Razafindrakoto : any France io vao mijanona.
Ando Ny Aina : heveriny fa ohatran'ny fitsarana aty amitsika ngamba any koo!
Randriambao Petit Hajanirina : yaho alohaa ts miditr afern politik fa ten tokon ho vonoin mints rah mis lalàna mahakasik toy itony sy resaka zavamamoafady mambotry firenen, toy zao any Afrik atsimo zao.
Lala Yves Randrianantenaina : mody maina izany rafanjakana.
Jhon Brino Ds Man : amen amen, mba tsy ho afaka fa migadra mandrapahafaty iro jiaby.
Ra Njara Narindra : zareo kosa natratra an le trondroB d ny sasany hinana fotsiny. amboary tsara ny harato amin' ny manaraka.
Randrianarisoa Guy Madson : zandry a mba misaina de mieritrereta, ny an'olona fitsarana mahaleotena, fa tsy ôtrany ny antsika azafady e! saika halaina reo Sao milaza ny gros poissons dia afabaraka ny nanome alalana nahafahany nandeha tany, any izy afaka milaza ny tena marina.
Tina Rina : marina zany, aleo ataon'ny fitsarana ny Afrika Atsimo, fa ny fitsarana Malagasy mapme be, be kolikoly be!
Léa Mana : marina atao any fo.
Marie Christiano Fanivana : miasa tsara ry zareo Afrique du Sud zany, bravo justice.
Emerod Ratsimalaina : hisaorana Andriamanitra fa lehibe ny heriny sy ny voninahiny, tsy misy marina tsy hipoitra mandrakizay zany eto! Ny antsika eto mainty avadika fotsy!
Agrotech Mada : dia tena hitsara tokoa anie reo e ! Rotsy Ilon'ny Aina Ratsimbarison : misy mitaintaina mafy zao any an...

TOPFLIGHT
près de Ankany fivavahana Fjkm Andravoahangy fivavahana
Inscription ouverte tous les jours du lundi au samedi de 7h à 17h.
Prochaine rentrée : 11 Janvier 2021
Anglais
Français
Italien
Chinois
Espagnol
Informatique

Ecolage 0 Ar
Droit d'inscription pour pack de 2 langues + informatique ou 3 langues : 100.000 Ar
Durée : 3 mois

Infoline : 034 16 683 95

Sakafo Ny Valosoa

Hena baolina sy saosy poivron indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Fomba natoraly hafa vitsivitsy fitsaboana ny aretim-bavony

Fomba natoraly hafa fitsaboana ny aretim-bavony indray no atolotra anao androany. Ravina "petite mandarine" eran'ny ilan-tanana tenehina + ravina tapia + fakan-tenina: sady mety amin'ny vavony ireo no mety amin'ny fery anaty. Atao fatra mitovy. Tenehina amin'ny rano iray litatra. Sotroina iray andro.
Kikisana na lomana ny ovy manta. Misotro eran'ny sotro maraina atoandro hariva. Ampifandimbiasina na avezivezy hitsaboana aretim-bavony ireo.
Maka carry antsasaky ny boite asiana alamo eran'ny sotro. Asiana rano 33 cl. Eran'ny sotro isa-maraina alohan'ny sakafo mandritra ny 6 andro.

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'Ambodisikidy, any amin'ny distrikan'i Bealanana, faritra Sofia

Ny tanànan'Ambodisikidy, any amin'ny distrikan'i Bealanana, faritra Sofia indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambodisikidy ity tanàna ity. Amin' ny faritra avaratra andrefan'ny faritra Sofia no misy azy. Avo toerana ity tanàna ity satria 844 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra ny Ambodisikidy koa ny vary.